SEHMBIOSE

SEHatry ny **M**piasan'ny **B**anky foibe **IO**mbonana ho **SE**ndika

Mitsangana ara-dalàna eto amin'ny Banky Foiby ny Sendikan'ny mpiasa antsoina hoe SEHMBIOSE araka ny fahazon-dalana n°992/12/MININTER/PREF/POL/ASS/SYND nomen'ny Prefecture de Police-n'Antananarivo Renivohitra tamin'ny 27 martsa 2012.

Ho tohin'ny fangatahana napetratsika teo anivon'ny mpitondra eto amin'ny Banky Foibe, sy noho ny tsy fahavononan'ny mpampiasa hikarakara ny hamahana ny olana tao anatin'ny 72 ora araka ny andininy faha-213 ao amin'ny lalàna mifehy ny asa, dia nametraka ny fangatahana ny fanelanelanan'ny Inspection du Travail isika eto anivon'ny Syndicat.

Noho izany, ny andininy faha-216 amin'ny lalàna mifehy ny asa dia manome antsika ny zo feno manomboka eto hanao fitokonana ho mariky ny fitakiantsika.

Napetraka ny talata 10 jolay 2012 àry ny "Préavis de grève" 48 ora mba ho fanajana hatrany ny andininy faha-216 ao amin'ny lalàna mifehy ny asa, nahazo dika mitovy amin'izany ny Inspection du Travail.

Ny fitokonana noho izany dia manomboka ny alakamisy 12 jolay 2012 ary mandritry ny fotoana tsy voafaritra.

Zo fototra ny fanaovana fitokonana, voasoratra ao amin'ny Lalampanorenana izany araka ny andininy faha-33 "Ekena ny zo hanao fitokonana". Ny Convention internationale n°87 momba ny zo sendikaly neken'i Madagasikara sy natao sonia teo anivon'ny Nations Unies amin'ny alalan'ny Organisation Internationale du Travail no manazava be be kokoa mikasika ny Droit de grève. Ny andininy faha-139 ao amin'ny lalàna mifehy ny asa kosa no manamarina izany fiarovana omena ny zo sendikaly izany.

Ny andiniy faha-118 ao amin'ny Statut du Personnel izay manakana ny catégorie A sy ny HC tsy hahazo hi-grève dia tsy ara-dalàna, entrave à la liberté syndicale izany. Ny Statut du Personnel sy ny Règlements Intérieurs misy eto amin'ny Banky Foibe rahateo dia tsy ara-dalàna satria tsy nahazo ny fankatoavan'ny Inspection du Travail sy ny Ministère de la Fonction Publique.

Indro averina amintsika ny andinindininy mahakasika ny fitakiantsika:

- *Ny fanajana ny Sata mifehy ny Banky Foibe voasoritry ny lalàna 94-004 tamin'ny 10 jiona 1994;*
- *Ny fanatanterahana ny tombontsoa voalazan'ny Sata mifehy ny mpiasa: ambin'ny fisondrotan-karama 7% tamin'ny 2011 araka ny andininy faha-20, fampiharana ny andininy faha-101 rehefa handeha hisotro ronono, ny fanitsiana ny grille indiciaire manaraka ny andininy faha-11;*
- *Ny fanafoanana ny famindran-toerana miendrika sazy, ny famoahana ny fanendrena tokony hatao amin'ireo nanao faisant-fonction mihoatra ny 6 volana;*
- *Ny fampanarahan-dalàna ireo Sata mifehy ny mpiasa sy ny Fitsipika anatiny voamarin'ny Inspection du Travail sy ny Ministère de la Fonction Publique araka ny arrêté n°1454 IGT tamin'ny 20 jolay 1954;*
- *Ny fanajanonana ny antsojay sy ny fanararaotam-pahefana atao amin'ny mpikamban'ny SEHMBIOSE.*

Hisy fanazavana be be kokoa amin'ny alakamisy maraina 12 jolay 2012 mandritry ny fotoana hanaovana ny fitokonana. Aza misalasala manantona ny Birao, fa misokatra ho an'ny mpiasan'ny Banky Foibe tsy ankanavaka ny SEHMBIOSE.

Sahia maneho hevitra fa izay no ahafahantsika manatsara hatrany ny sehatry ny asa eto anivon'ny toeram-piasana.

Natao teto Antananarivo, anio alarobia faha-11 jolay 2012,

Ny Birao.